9467 RP/15
29/07/15

7099

INDRO ALEFA

Amin'Andriamatoa TONIA MPAMPANOA LALANA ETO AMIN°NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY ANOSY.

ANTANANARIVO

Antony : RAharaha anenjehana an'atoa [redacted]
Niaina ho nanodinkodina volan'ny orinasa,sy nanao hosoka facture

TSIAHY : Indro alefa laharana 514/AJ/15 ny 21/07/15 avy tamin'ny Procureur Géneral

TARATASY MANARAKA: - TAratasy fitoriana napetrak'atoa Fredon Armand RAtovondrajao.

- Taratasy document maromaro avy tamin'ny mpitory(ATOA TSILAVO)
  Taratasy document maromaro avy tamin'ny toriana(ATOA [redacted])

29 JUIL 2015

Voninahitra ho anay polisy mpanao famotorana manenjika ny fandikan-dalàna ny mitatitra aminao ny vokatry ny fanadihadiana natao mialoha mikasika ny raharaha voalaza amin'ny antony etsy ambony.

Ny 22 Juillet 2015 dia naharay Indro Alefa laharana faha: 5147/AJ/15 datin'ny 21 Juilley 2015 ny Service Central des Investigations Economiques et Financières mitondra ny fitoriana nation-Atoa RANARISON Tsilavo anenjehiny an-Atoa [redacted] ho nisoloky, nanodikodina fananan'ny Orinasa ary nanao hosoka.

Araka ny fanamafisana ny fitoriana nataon-Atoa **Tsilavo RANARISON**, Mpikambana tao amin'ny Orinasa [redacted] taloha dia nanambara fa izy I Atoa [redacted] dia tompon'ny Orinasa [redacted] ka nohon'ny fananan'ity farany part majoritaire dia izy no napetraka ho Gérant-ny Orinasa. Nandeha tsara izany tamboalohany, taty afara anefa dia nangataka ny kaonty ny orinasa izy dia tsy nahazo izany ary teo no niseho ny olana satria dia hitany sy tsapany fa tsy nisy vola intsony ny orinasa ary niteny ihany koa ny Gérant fan a ny tombony tokony ho zaraina anefa dia tsy nisy ihany koa . Tamin'izany ary dia nangataka dissolution izy ary natao izany ka teo anefa dia tsy notohizan-Aytoa [redacted] ny liquidation ny Orinasa fa mbola nanohy ny asa ihany izy. Rehefa nanadihady ny tenany satria nisy Orinasa iray any ivelany mifandray matetika amin'ity orinasa [redacted] ity dia teo no nahalalany fa hay an-Atoa [redacted] ary misoratra aminy irery io Orinasa [redacted] io, Ary mikasika izany dia ity Orinasa farany dia manao facture ary alefa aty amin'ny Orinasa [redacted] milaza fa nivarotra Licence na logiel CISCO SYSTEM izay any

Amerika, ka rehefa nanotaniana tamin'ny alalan'I E-mail ity CISCO SYSTEM ity dia namely fa tsy mahalala ny Orinasa [redacted]akory ary tsy nivarotra Licence sy Logiciel ihany koa, araka ny filazan'ny mpitory izany dia hosoka avokoa ireo facture rehetra ireo satria dia natao tamin'ny alalan'ny virement bancaire avokoa ny fandefasana vola rehetra tamin'ny fividianana ny produit izay tsy nisy akory. Ka rah any fanadihadiana izay nataony samy irery dia mahatratra eo amin'ny 3.663.933.595, 79Ariary ireo vola nahodikodin-Atoa [redacted] tamin'io Orinasa [redacted] izay iarahan'izy roalahy mitantana ireo. Ka ireo antony rehetra ireo no nahatonga azy nánao izao fitoriana izao.

Nisy ny fanadihadiana natao tamin-Rtoa **RAHARISON Gisèle**, izay comptable ny Orinasa [redacted] teo aloha dia nanambara fa nisy tokoa ny fandefasana na koa fanaovana virement avy amin'ny [redacted] alefa any amin'ny [redacted] any an-dafy, ka ireo dia baiko avy amin-Atoa [redacted] izany, nomarihiny fa ity Orinasa farany dia misoratra amin-[redacted] samy irery, ary ireo chèque na koa ordre de virement rehetra izay handefasana vola any ivelany ireo dia efa nosoniavin'Atoa Tsilavo en-blanc mialoha satria ity farany dia tsy mipetraka ao amin'ny birao fa mikaroka Client .

Famotorana natao tamin-Rtoa **RAKOTOARISOA Lyna**, izay Commercial tao amin'ny Orinasa [redacted] teo aloha dia nilaza fa ny tenany no niandraikitra ireo facture rehetra amin'ny anaran'ny Orinasa [redacted] rehetra ireo, nilaza izy fa baiko avy amin'ny Gérant [redacted] Andriambololonivo avokoa ny asa rehetra izay ataony tao, Ary avy eo dia alefany any amin'ny tomponandraikitra mpanao ny Ordre de virement izany avy eo.

Nofotorana Rtoa **RAZAFINJAINA Charlotte**, Comptable sy Tresoreriere ankehitriny ny Orinasa [redacted] dia nilaza fa misy tokoa ny fanafarana entana avy any ivelany ary rehefa vita izany ka mandoa vola dia amin'ny alalan'ny Ordre de virement no anaovana izany ka misy banky telo ny an'ny Orinasa dia BNI, BOA, BMOI ka izay misy vola amin'ireo no andefasana izany, nilaza izy fa Atoa Tsilavo Ranarison no signataire rehetra amin'ny fanaovana ny operation rehetra satria ity farany no Directeur Exécutif ny Orinasa [redacted].

Rehefa nohadihadiana atoa **[redacted]**, izay gérant n'ny Orinasa [redacted] izay eto Madagasikara sy ny orinasa [redacted] izay any Frantsa no misy azy dia nanambara ny tenany fa tsy mipetraka eto an-toerana fa herinandro isam-bolana no mandalo eto a-toerana ka napetrany tamin'atoa TSILAVO ny fitantanana ny orinasa ny taona 2007 ka hatramin'ny taona 2012.Nanambara ny tenany fa volany avokoa no miasa ao anatin'ireo orinasa ireo.RAha mikasika ny fanaovana commande entana indray dia nanambara ny tenany fa I atoa TSILAVO no manao ny commande ary mandefa izany any amin'ny orinasa [redacted] ka anjarany no mandefa izany izay misy facture ara-dalàna amin'ny alalan'ny e-mail no hanaovana izany. Mikasika ny fanaovana signature ny resaka asa sy resa-bola dia nambarany fa tsy manana pouvoir de signature amin'izany ny tenany fa I Atoa TSILAVO avokoa no miandraikitra izany manomboka amin'ny fanaovana commande , ny ordre de virement ary ny transfert de devise.TAmin'ny fanadihadiana natao taminy vao nahafantatra ny tenany fa nisy an'io vola mitentina 3.663.933.565,79 Ar io voalaza fa naodinkodiny kanefa dia I Atoa TSILAVO avokoa no mibaiko sy mitantana ny vola rehetra tao amin'ny orinasa satria ny tenany dia mandalo fotsiny eto an-toerana.

Ny andraikitra ataoko dia manao O.K ny commande mikasika ny asa ataon'ny XXXXXXXXfa I Atoa TSILAVO avokoa no mandidy manapaka ny fampandehanana ny asa rehetra ao amin'ny XXXXXXXXX, ary nomarihiny fa misy entana tonga isan-kerinandro alefan'ny EMERGENT ho an'ny XXXXXXXXX izay ny tenany no mandefa izany izay ananany porofo amin'ny alalan'ny e-mail izany.Nolaviny noho izany ny filazan'ny mpitory fa nanodikodim-bola izy na nanao hosoka satria manao O.K fotsiny no ataony fa atoa TSILAVO avokoa no manatanteraka ny andraikitra rehetra an'ny orinasa XXXXXXXXX koa raha misy izany dia izy no tompon'andraikitra amin'izany.

Araka izany andriamatoa Tonia Mpampanoa Lalàna dia indro atolotra anao Andriamatoa ~~ANDRIAMBOLOLO-NIVO Solo Niaina~~ miaraka amin'ny antontan-taratasin'ady rehetra mba handinihinao izay mety ho tohiny.

29 JUIL 2015

HITA:

LE CHEF DU SERVICE CENTRAL DES INVESTIGATIONS ECONOMIQUES ET FINANCIERES

XXXXXXXXXXXX
XXXXXXXXXXXX

RASOAMIARAMANANA Gilberte
Commissaire de Police

XXXXXXXXXXXXX
XXXXXXXXXXXX
XXXXXXXXXXXXX